fizaaf 001 (1275x1755x24b jpeg)

FJKM AMPARIBE FAMONJENA
SPAA 10 – ANTANANARIVO ANDREFANA
FIKAMBANAN'NY ZANAKA AMPIELEZANA
AMPARIBE FAMONJENA (FIZAAF)

DINIDINIKA

« Tsarovy ny fiangonanao izay efa azonao fahiny , ilay navotanao ho firenena lovanao …» Sal 74 :2a

Ry havana,

Miarahaba antsika amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa Kristy.

Ny Mpitandrina sy ny Biraon'ny Zanaka Ampielezana eto amin'ny FJKM Amparibe Famonjena dia faly miarahaba antsika zanaka ampielezana manontolo nomen'ny Tompo tombon'andro ka nahatratra izao taon-jobily 2011 izao. Faly tokoa izahay raha afaka hiombom-po amam-panahy isika ka hanao ho zava-dehibe ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny taon-jobily faha 150 niorenan'ity Tempoly malalantsika ity. "Ny fahazavan'ny marina dia tsara firehitra" Oha 13:9a no teny faneva ho enti-miatrika izany. Ny fotoana dia ao amin'ny "Palais des Sports" Mahamasina ny Asabotsy 29 Janoary 2011 amin'ny 3 ora tolakandro. Hisy ny rakitra atolotsika isam-batan'olona na isam-pianakaviana, eny mety ho isan-taranaka izany. Hataontsika am-pitiavana fa io no hanohanan-tsika izay hetsika rehetra hankalazana ny taon-jobily faha 150.

Ity manaraka ity kosa ny tonon-kira faneva izay hiarahantsika miredona mandritra io fotoana io.

"RY ANDRIAMANITRA TSITOHA Ô!"

1. Ry Andriamanitra Tsitoha ô!
   Isaoranay mandrakizay Ianao
   Tafita tsara aminay tokoa
   Tara-pahazavana avy Aminao

2. Ity Fiangonana malalanao
   Mifaly noho ny hazavana be
   Satria ny taratra avy Aminao
   Mitsinjo ny dianay zay mandeha

Isan'andininy:
Ka miramirana aoka izany
Maneho ny Fiderana Anao
Na misy ny manakona aza any
Zahay dia mazava toa Anao

Ho anareo izay mbola maniry ny ho isan'ny zanaka ampielezana dia indro alefanay aty aminareo ny "fiche d'inscription" mba ahafahana mifandray tsy tapaka. Raha misy manjo moa dia ao amin'ny biraon'ny Sekreteran'ny Fiangonana na ao amin'ny Mpiambina no haingana indrindra raha misy vaovao ifandraisana.

Eto am-pamaranana ry havana dia mampatsiahy antsika fa ny fifandraisan-tanana amin'ny Mpitandrina RAHARIJAONA Solofonirina mivady sy ny Mpitandrina misotro ronono RAMINO Paul mivady ary Mpitandrina miza-draharaha dia hatao ao amin'ny Akany RAINIMAMONJY ao AMPARIBE (rihana faha 3) ny Alahady faha 20 Febroary 2011 manomboka amin'ny 2 ora folakandro.

Hisy ny fiaraha-miala hetaheta koa manantena indrindra ny fifanotronantsika rehetra.

Izay sy izay ary ry Havana malala ao amin'ny Tompo ny fotoana hiarahantsika miombom-po amam-panahy amin'ity volana Janoary sy Febroary 2011 ity koa manonona ny Fiadanan'ny Tompo ho amintsika tsirairay avy.

Ny Biraon'ny Zanaka Ampielezana.

FIRAISAN'NY ZANAKA AMPIELEZANA F.J.K.M AMPARIBE FAMONJENA FI. ZA.A AF.

Ny Filoha,

Rtoa Sahondra RABAONARISON
teraka RAJAONARISON.